# Ilay Voa Tsara Nafafy 03 Oktobra 2018

# 3 Alarobia oktobra

***(Hoy Jesosy :)* Ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana. Fa misy ny sasany aminareo izay tsy mino.** Jaona 6. 63, 64

**Tonga dia any amin'ny fitoeram-pako**

Isaky ny misy namana kristiana tonga mitsidika ity fianakaviana ity, dia mamela trakta ara-pilazantsara mandrakariva izy ireo. Avy hatrany nefa io dia ariana any amin'ny fitoeram-pako. Tsy mila an'Andriamanitra mantsy io tokantrano io. Gaga anefa ilay mpanadio trano, mahita ireo bokikely tsy nokitihina ireo, ary dia maka azy ireo hatrany ka mamaky azy. Nikasika ny fony Andriamanitra, ka nandray ny Teniny ho fahamarinana ilay mpanadio trano, ary tamin'izany no nianarany nahalala an' Andriamanitra, tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy.

Mitaona ny olona rehetra Andriamanitra : „Mijere Ahy, dia ho voavonjy ianareo, ry vazan-tany rehetra !" (Isaia 45. 22), satria Kristy „maty ... hamonjy ny olona rehetra" (2 Korintiana 5. 14). Ny sasany mandà izany fitaoman'Andriamanitra izany, misy hafa kosa mandray izany ao anaty tranga tena tsy ampoizina mihitsy. Koa dia voazara ho sokajy roa izao tontolo izao : ireo izay mijanona ho tsy mino, sy ireo izay mino ; ireo izay mbola ao anatin'ny fahotany, sy ireo izay efa nafahana tamin'izany ; ireo izay mizotra ho amin'ny fanamelohana ho mandrakizay, sy ireo izay miroso ho any an-danitra.

Ny zavatra ampahatsahivinay eto dia fampaherezana ho an'ireo izay miezaka mampiely ny Filazantsara. Tsy mba miova Ilay Andriamanitra Izay niteny hoe : „Ny teniko ... tsy hiverina amiko foana..., raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako" (Isaia 55. 11). Anjarantsika ny „mamafy" ny Tenin'Andriamanitra, dieny maraina ka mandrapahariva ny andro (Mpitoriteny 11. 6). Kely sy bitika lalandava ny ezaka ataontsika, ary mety ho toy ny tsy ilaina akory aza, matetika, fa ny aim-bokosa dia avy amin' Andriamanitra. Aoka àry isika hatoky Azy, mba ho latsaka amina tany efa nomaniny, ka hitsimoka sy hamoa, ny voa velona afafintsika, voa manambara ny Filazantsara.